### SAKALAVA BEMAZAVA ANY SAMBIRANO

# Nosalorana samboady ireo Tsangan'Olobe

Lanonana ara-pomban-drazana, no notanterahana tany amin'ny distrikan'Ambanja faritra Diana ny faran'ny herinandro teo, tany amin'ny foko Sakalavan'ny Bemazava, faritra Sambirano iny. Nambara ampahibemaso, sy nosalorana samboady na nampisikinina, ireo Tsangan'olobe, na Sojabe, eo ambany fiahian'ny Andriamanjaka Printsy Rachid Tsiaraso faha-IV, nandritra io fotoana io. Nasaina manokana tamin'izany ireo vato nasondrotry ny tany, ireo manampahefana sivily sy miaramila, avy amin'ny faritra Diana, ireo miasa sy mipetraka aty Antananarivo, ary ny lehibena sampan-draharaha samy hafa, ankolafin-kery, isan-tsokajiny miankina sy tsia amin 'ny fanjakana. Nambaran'ny Andriamanjaka mifehy ara -drazana an'Ambanja, Printsy Tsiaraso IV, fa ho mpiara-miasa ho amin'ny fampandrosoana izy ireo, ary hamerina indray ny hasina sy ny kolontsaina Sakalavan'ny Bemazava, izay somary simban'ny fanatontoloana ihany ankehitriny. Voatsodrano izy ireo, ary hamoha sy hanentana ireo taranaka. Andriamatoa Botomanga Stanislas, no voafidy ho filoha mitarika ny Tsangan'Olobe Ambanja.




*Ny lanonana ara-pomban-drazana notanterahana tany Ambanja.*

***Niaina***

### Sammy Rastafanahy

# Tontosa tany La Réunion omaly ny fandorana ny nofo mangatsiakany

Misaona ny tontolon'ny mozika Malagasy. Nodimandry ny faran'ny herinandro teo tatsy amin'ny Nosy La Réunion, ny mpanakanto Sammy Rastafanahy, mpiangaly ny mozika Reggae ary efa filohan'ny fikambanana Rasta teto Madagasikara . Anisan'ny niantsoan'ireo namana akaiky azy koa fahavelony hoe: dollar. Zanak'i Mahajanga ity mpanakanto ity. Nanana ny naha-izy azy izy tamin'izay fiangaliana ny gadona reggae izay. Narary ity mpanakanto ity ary notsaboina tatsy amin'ny Nosy rahavavy, indrisy anefa fa tsy tana ny ainy. Araky ny fanapahan-kevitry ny tany an-toerana sy ny fianakaviana, nodorana omaly tany La Réunion ny nofo mangatsiakany, mialohan'ny hitondrana ny lavenon'ny razana aty an-tanindrazana. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mankahery sy mirary fiononana feno ho an'ny fianankaviany sy ho an'ny mpankafy ny gadona reggae.





*Sammy Rastafanahy fahavelony.*

***Ny Valosoa***



## Mazotoa mihira

***Hanatanteraka fampisehoana miaraka etsy Antshamanitra ny alahady 26 septambra tolakandro ho avy izao, i Lôla sy Njakatiana. Hira firaisankina sy maneho fihavanana no atolotra anao androany, hiran'i Njakatiana : Antsika Jiaby, koa dia mazotoa mihira ary e !***

### ANTSIKA JIABY

Tsaikin'ny Mahajanga, tsisaky sifirity e
* Tsy tia vandivandy zama sady tia fihavana

music

Olon'ny Mahajanga zama tsy tia lekalize
Koa finamanan-dreo ambara, ambara tena izy e!

Music

Ze tia miseho role fifankatiavana ro amposeho
Satria Gasikara baba an'antsika jiaby izy e o!
Ah zalah...chauffer...attention...aza mialangalana...
Satria ty n'anao ... bakeo....ty n'akahy
N'anao madamo na ramose, tsara mitana fihavanam-be
Satria gasikara bavata be, baba, niny e!

Music

Fidio 'zay tiagnao gna kidoro gna farafara
Le mila fihavagnana aza adignonao Fianara
Samy matsiro iaby na ny koba na ny mofo gasy
Tsa misy mahavita taigna ho aho antsika malagasy Fianarntsoa, Ambositra, Vohipeno, Manakara
Manampy ny toe-karenan-tsika eto Gasikara
Miandry agnao anay ry monsieur f'ao ry Gerard a
Andao hirevy kidombilo sy ambodivoara

music

Eto antika niany! Hum! aia ianao babany?
'Zahay bôka faritra tsy hainareo fa olo tsy manavakavaka
Olo tsy mba miherign'olo fa mba te hihavana aminareo
Tsy tsara koa mifanary e, olo mifankatia! araiky fo tsika, fô tony Madagasikara antsika jiaby

music ...2

mmmmm.....antsika jiaby ...4 madagasikare ...antsika jiaby...3 kawitry ....4

music

'Zahay avy eto larivo tsy manambanimbany
Tsy tia manambaka, te ho marina hatrany
Fihavanana aminay e no tena tarigetra!
Satria i Gasikara dia antsika rehetra!
Raha toa fanirinareo ny hiaraka aminay
'Zahay koa mila fitia ary te hiray
Aza misalasala, tonga dia tongava ..2 ieeee....

music

Lamako (2)...avereno...
antsika jiaby ary e

music

Tena marigny tsy balawasy arah fa Tamatave tsara e!
Tsara fômba toetra ndraiky fa ny any tsy tia mizarazara e!
music

Izy koa hitsangatsangana tongava aminay atôy
Tsy manavaka saranga fa Gasikara raika fô

music

'Zahay Toliara tsy olo be bagara 'Zahay mila longo fa tsy mila zisitoara

Music

'Zahay Tolozy tsy mampiasa zôny rozy
Mahazo militsy iaby ndre olo be ndre papozy....

Music

Mivavake 'zahay mba hilongo tsika iaby
Safe le Gasikara antsika iabiaby e....
Eo ty a ...mavandy avao ... asio ty a... alefa!
Antsika iaby... asio ty a, alefa, antika iaby!

Music

Tsy misy ty manavake fa olo raiky avao!
Ze gasy hitanao reveo fa longonao avao!

***Mpihira: Njakatiana.***

## Sakafo Ny Valosoa



Henondry saosy tongolo indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Biby fiompy anisan'ny tsara hena koa ny ondry . Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fanafody natoralin'ny aretim-bavony ny voatabia

Fanafody natoralin'ny aretim-bavony ny voatabia, izaay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina : voatabia masaka tsara 3, siramamy fotsy na mena.
Fomba fikarakarana azy :
Alaina ny voatabia 3 lehibe dia mixer-na anaty robot fanaovana jus naturel ireny ary tampohina siramamy in-1 sotro fihinanam-bary. Rehefa vita izay dia tatavanina, ka hatao anaty kaopy madio tsara, izay vao azo ampiasaina.
Fomba fampiasana azy :
Sotroina maraina vao mifoha sy ny hariva alohan'ny hatory, mandritra ny 3 herinandro no hanaovana izany.
Fanamarihana :
Tsy maintsy rehefa avy misakafo ihany vao misotro azy. Noho izany, antsasaka vera ny maraina, sy ny hariva no sotroina.



### NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Tsararova any amin'ny distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Tsararova any amin'ny distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tsararova ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Tsaratanana. Any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 43 1 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamokatra vary ny any Tsararova, mamokatra tongolo. Mpiompy omby koa ny mponina any an-toerana.

